Lisi-pifidianana 2
**Vao manomboka miasa ny CENI dia efa tsy milamina**

Fampianarana amin'izao 3
**Ireo fahoriana mahazo ny ray aman-drenin'ny mpianatra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 19 febroary 2022 Laharana 1264 Vidiny : **400 Ar**


Rivodoza Emnati 7
**Mety hiditra an-tanety ny talata ho avy izao**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Ilaina ny fikaonandoham-pirenena** 2

## Latsaka an-katerena tanteraka ny firenena hoy ny RMDM




**Kaominina Ivato** 2

## Matanjaka ary tsy mivaky ny antoko TIM




**Mananara Avaratra sy Maroantsetra** 2

## Mangataka ny hatao faritra vaovao : Faritra Ambatosoa




**Lasibatry ny fandraraka sy bekorontana** 6

## Rava sy potika noho ny hetraketraka ilay tokantrano



**Tranga** 3
Lalina loatra ny fahantrana, ankizy 3 tratra namaky trano

**Ankasina 67 ha** 6
Tsy mifidy hasiana ny mpanendaka, voaroba hatramin'ny mpianatra

**Daka kely**



Hihomezan'ny olona fotsiny ialahy ry Boaikely any andafy any a !

KAOMININA IVATO

# Matanjaka ary tsy mivaky ny antoko TIM

Tontosa omaly ny fifampiarahabàna tratry ny taona nataon'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, izay notarihin'ny ben'ny tanàna lany tamin'ny anaran'ny antoko Penjy Randrianarisoa. Tonga nanome voninahitra ny fotoana tao an-toerana ny birao politikan'ny antoko TIM, izay notarihin'ny mpandritra nasionalin'ny antoko, Jean Claude Rakotonirina. Nanambara ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony, fa antoko velona ary matanjaka ny antoko TIM ao Ivato, mbola ampahany amin'ireo mpikambana hoy izy no tonga noho ny maha andro fiasana ny fotoana anaovana ny hetsika, fa raha amin'ny fotoana tsy iasàna dia avo folo heny noho izao no ho tonga. Mankasitraka anareo birao politika nasionaly izahay hoy ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa amin'ny fahatongavanareo manatrika ny fotoana toy izao, fa hery lehibe ho anay izany. Ataovy tonga any amin'ny filoha Marc Ravalomanana ny fisaorana atolotray hoy hatrany izy. Ny solontenan'ny biraon'ny COMTIM, Ignace Randriamamizafy dia nanome toky, fa vonona hamerina ny filoha Marc Ravalomanana ny TIM Ivato, ary hitazona hatrany ny kaominina ho tantanin'ny antoko TIM hatrany. Ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina dia nanome toromarika mikasika ny famelomamaso ny antoko TIM ny tenany, izay tena imasoan'ny antoko amin'izao fotoana izao. Taonan'ny fijoroana hoy izy ity taona ity araka ny toromariky ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, ny filoha Marc Ravalomanana, ka mila miatrika izany isika. Avela any ny disadisa rehetra fa tanjona iray izao aloha no mahamaika dia ny hametraka ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray.





*Ny ben'ny tanànan'Ivato Penjy Randrianarisoa.*

***Helisoa***

Ilaina ny fikaonandoham-pirenena

# Latsaka an-katerena tanteraka ny firenena hoy ny RMDM

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny QG ny antoko TIM Bel'Air, ireo tomponandraikitra ao amin'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara : RMDM ny alakamisy teo. Manoloana ny gaboraraka asehon'ny governemanta ankehitriny eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena dia sady maneho hevitra, no mandray anjara, no mamaha ny olana ho an'ny tanindrazana hatrany ny RMDM, hoy ny nambaran'ny filoha lefitra Edouard Tsarahame. Nampita hafatra mavesatra ny tenany ho an'ireo solombavambahoaka sy mpitandro filaminana eo anatrehan'ny fivarinan'ny firenena ankady. Manoloana ny raharaha politika sy ara-tsosialy iainan'ny firenena, dia manolotra soso-kevitra am-pitiavana sy ampanetrentena ny RMDM, hoy izy, mba handravana faran'izay haingana ny governemanta, satria sady tsy mamaly ny hetahetan'ny vahoaka malagasy no manala baraka ny firenena malagasy. Raha sarotra hoy izy ny fandravana ny governemanta dia ireto misy lafiny maromaro atolotra entina mandrava azy:
– ny voalohany dia manana solombavambahoaka izay nomen'ny lalàna hametraka ny fitsipaham-pahatokisana ny governemanta; tokony hatao faran'izay malaky izany raha tsy hoe miray tsikombakomba amin'ny governemanta koa ny solombavambahoaka ankehitriny.
– Ny faharoa, dia manana mpitandro filaminana isika, "andry farany fiarovana ny firenena" na "dernier rempart de l'Etat", raha mbola misy izany teny hoe "tsy miamboho adidy aho mon général" dia mitsangàna ianareo hanarina ity firenena ity, hoy ihany izy.
Latsaka an-katerena tanteraka ny firenena. Miantso ny rehetra ny RMDM mba hanaovana fikaonandoha mialoha ny fifidianana hanarenana ny firenena. Tsy mahay mitantana ny mpitantana ary tsy mijery ny tombontsoam-bahoaka. Hoerahoera fotsiny no ataony amin'izao fotoana izao fa tsy mahavaha olana.




*Ny avy amin'ny RMDM, nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air Ampandrana.*

***Isambilo***

Mananara Avaratra sy Maroantsetra

# Mangataka ny hatao faritra vaovao : Faritra Ambatosoa

Mangataka ny hanaovana azy ireo ho faritra vaovao: Faritra antsoina hoe Ambatosoa, ny any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra sy ny any amin' ny distrikan'i Maroantsetra, izay ao amin'ny Faritra Analanjirofo amin'izao fotoana araka ny fangatahana ataon'ireo zanak'iny faritra iny ireo. Raha ny distrikan'i Maroantsetra dia misy kaominina miisa 20, kaominina miisa 16 kosa ny ao amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra. Arak'izany, misy kaominina miisa 36 ity Faritra Ambatosoa, izay ho faritra vaovao ity, raha eken'ny fitondrana mahefa. Tsy misy olana na disadisa amin'ny disitrika hafa mandrafitra ny faritra Analanjirofo hoy ny fanehoankevitra, fa mba hahafahana misitraka fampandrosoana no antony, hoy ny fanazavana nataon'ireo zanaky ny faritra. Mahafeno fepetra amin'izany ireo disitrika roa ireo raha mitambatra, raha ny harena koa manana ny maha izy azy i Mananara Avaratra sy i Maroantsetra, misy ireo vokatra fanondrana samy hafa: ny jirofo, ny lavanila, ny kafe, ny dipoavatra... Ny vokabary koa, tsy latsa-danja amin'ny faritra hafa ny vokatra any. Ary amin'ny maha faritra antsoina hoe: Ambatosoa azy izay, maro ireo harena an-kibon'ny tany toy ny vatosoa any an-toerana.




*Ny tanànan'i Maroantsetra, renivohitry ny Antimaroa.*

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Lisi-pifidianana

# Vao manomboka miasa ny CENI dia efa tsy milamina

Mitorajofo ny tontolo politika eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Miseho lany ny tranga samihafa mivaralila eo anivon'ny fitondrana sy ny fitantanana ny firenena, manohy mizotra amin'ny lalana kitoantoana sy ratsy. Ireo mirehareha ho mpamilin'ny firenena dia mikisary irony zatovo mpamily manao solomaso mainty matevina sy nandrairay ny tsy tokony horaisina, ka tsy mahatsapa fa tandindonin-doza tanteraka ny fiara hoentiny sy ny mpandeha ao anatiny. Mampanahy ny olom-pirenena maro manam-panahy amin'izao fotoana izao ny hoavin'ity firenena ity manoloana ny zava-misy.
Manomboka miseho ankehitriny ny « aretina » mikiky sy hampandamaka ny firenena, ka halemy tsy ho afaka hanohitra ny manjo azy. Toa misy anefa antokon'olom-bitsy maniry ny hizorana amin'izany mihitsy, satria izay no fomba iarovany ny tombontsoany manokana. Miseho eny ifotony ny raharaha, dia ny eny anivon'ny fokontany maro samihafa manerana Nosy izany. Ny manodidina ny fifidianana ny tiana hambara amin'izany. Niteraka fimenomenomana ny olom-pirenena maro ny amin'ny lisi-pifidianana eny amin'ny fokontaniny izay tsy hita nisy fanavaozana. Ny fe-potoana nofaritana amin'izany anefa nifarana. Avy dia nitodika any amin'ny Ceni ny mason'ny maro, izay mazava loatra fa io no tomponandraikitra voalohany amin'izany. Vao manomboka miasa ve dia efa tsy milamina ho amin'ny fiatrehana ny fifidianana amin'ny taona 2023. Raha vao miandoha na mitsidika ity ny fisantarana ny fidirana amin'izany rivo-pifidianana izany, dia izao sahady no mitranga. Efa azo tarafina na vinavinaina miainga amin'izany ny hiseho manaraka rehetra, ho an'ny mpandinika sy mpamakafaka ny raharaham-pirenena. Ho an'ny olom-pirenena manam-panahy sarotiny amin'ity firenena ity, tsy ho simba sy potika mikorosy fahana dia tsy manaiky izany zotra izany ary mila mandray fanapahana-kevitra maika. Ny fiandrasana fotsiny izay hitranga amin'ny hoavy dia tena toe-tsaina manaiky izay loza hanjo ny firenena. Hananan-tsiny be amin'ireo raiamandreny teo aloha nahavita nandraraka ny ràny sy namoy ny ainy ho amin'ny fahafahana sy ny fahaleovantenan'ity firenena ity izany. Ireo taranaka any aoriana ihany koa dia hitsara sy hanameloka mafy ny olom-pirenena ankehitriny amin'izany. Ka raha tsy te ho tonga amin'izany dia mila mamita ny adidiny masina amin'ny firenena ny mahatsiaro tomponandraikitra rehetra. Mila fanafody sy sitranina haingana ny firenena. Tsy tokony ho voafitak'ireo miseho hitondra fanafody sandoka anefa, fa vao mainka hihombo ny aretiny. Efa sendra an'izany mantsy ny "marary". Fanafody ara-dalàna azo tamim-pahamarinana no ilaina sy zava-dehibe ho antoka hahasoa ny firenena na ankehitriny na amin'ny hoavy.

***Sôs'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Faratiana R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fampianarana amin'izao

# Ireo fahoriana mahazo ny ray aman-drenin'ny mpianatra

Ny mpitondra sy ny mpiara-misaosy aminy sisa no tsy sahirana ankehitriny, fa ny vahoaka manontolo dia efa tena difotry ny fahasahiranana tanteraka , na any ambanivohitra na aty an-drenivohitra. Asian-teny manokana anio ny manjo ireo ray aman-dreny mampiana-janaka , indrindra amin`ny sekoly tsy miankina. 5 andro raha betsaka no nianarana nandritry ny volana janoary noho ny fielezan`ny valanaretina ary koa ny toetr`andro ratsy teto amin`ny firenena. Aloa feno anefa ny saram-pianarana amin`ny sekoly tsy miankina . 2 amin`ny sekoly 100 angamba no mba nanaiky ho ny antsasany no haloa tamin`ny janoary. Mikarakara taratasim-panadinana CEPE, BEPC , BAC indray ankehitriny ary miroso amin`ny fizaham-pahasalamana atao any amin`ny CSB na tobim-pahasalamana. Misy hatrany ny vola takiana isaky ny mpianatra, ho saram-pitsirihana amin`ireny toerana ireny. Mody lazaina fa ho saran`ny fikajiana ny antontan-taratasy , dia ahorona toy ny rakitra anefa ny lelavola 500 ar hatramin`ny 2000 ar isaky ny mpianatra . Tsy misy rosia na kely aza, ka ahoana no inoana fa mirotsaka ho amin`ny fampandehanan-draharaha ao amin`ireny tobim-pahasalamana ireny ny vola azo? Ny marina dia hifampizaran`ny dokotera sy ny mpitsabo ao fotsiny ireny vola avy amin`ny mpianatra ireny. Fa aiza izay natokan`ny fanjakana ho fampandehanan-draharaha amin`ireny ? Moa tsy mpiasam-panjakana mandray karama isam-bolana ve ireo ary tsy anisan`ny andraikiny ve izany? Tsy maintsy ny vahoaka efa mahantra hatrany ve no miantsoroka izany ? Voalazan`ny mpitondra ombieny ombieny koa tao anatin`ny 5 taona izao, fa tsy andoavam-bola ny fiatrehana ny fanadinam-panjakana toy ny CEPE sy BEPC . Hatreto dia tena tsy marina izany, fa mandoa vola foana amin`ny CEG na Lycee ireo mpiadina amin`ireo fanadinana ireo . Na avadiky ny talen`ny sekolim-panjakana aza, fa hoe ho fampandehanan-draharaha ao amin`ny CEG na Lycee ireny fa tsy droit akory , ho an`ny ray aman-dreny , rehefa misy vola mivoaka avy any am-paosiny dia "fakam-bola " izay na inona na inona fanodinkodinandresaka ataon`ny mpitondra sy ny mpiasam-panjakana . Mba mandà ihany ny ray aman-dreny maro ny amin`ireny loavola ireny tao anatin`ny fotoana vitsivitsy izay , nefa dia fandrahonana sy vava tsy mendrika hatrany no mahazo ny maro amin`izy ireo . Amin`ity taona 2022 ity aza dia heno fa misondrotra daholo indray ireny sara ireny, satria toa samy maka ny azy na ny CEG na ny Lycée. Tena ganagana misasa loha ka samy manao izay saim-pantany , ary samy mametra izay lelavola tiany hotakiana ny talen`ny sekolim-panjakana ankehitriny . Tsy misy miteny azy ny tompon`andraikitra any ambony satria any koa no tena misy ny fanodinkodinana mahatsiravina , saingy tsy misy arakaraka sy tsy misy tohiny, raha tsy hilaza afa-tsy ny rahavaha bonbon sucette tao amin`ny minisitera , izay tsy hita ny tohiny hatramin`izao . Any amin`ny Zap samihafa koa dia mbola misy ny fakana vola isaky ny mpianatra, ka any amin`ny sekoly tsirairay no hitakiany izany, mba ho fampandehanan-draharaha hono . Fa angaha tsy ny fanjakana daholo no nanangana sy mametraka mpiasa amin`ireny toerana samihafa ireny e ! Ka izay fampandehanan-draharaha ve tsy ho vitan`izao fanjakana miseho ho manam-bola sy mahomby amin`ny fitantanana izao, fa dia tsy maintsy ailika sy ifampizaràna amin`ny vahoaka efa difotry ny fahantrana daholo ireny ? Heverin`ny mpitondra fa vola kely tsy misy vidiny ve ireny 500 ar , 1000 ar , 4000 ar , 5000ar alainy amin`ny mpianatra sy ny ray amandreny ireny ? Ho an`ny ray aman-dreny mpitarika sarety , mpatsaka rano , mpivarotra amoron-dalana , mpanasa lamba sns… dia tena mafy aminy ny ialan`izany, satria tena karamany indray andro ary efa kaontin`ilay fotsim-bary sy arina fandrehitra tsy maintsy vidiany isan`andro, izay manodidina ny 5000 ar izany . Koa raha izao fakam-bola lava tsisy farany atao amin`ny mpianatra sy ny ray aman-dreny izao dia vao mainka tsy hitsahatra ny hitotongana ny fampianarana eto Madagasikara . Hihena isan-taona ireo mpianatra hiditra an-tsekoly. Ny sekoly tsy miankina mivondrona amin`ireny direction nationale ireny koa anefa dia malaza tsy ihinanana toa vilian-tsahona . Be dia be ireo direction nationale ankehitriny, saingy samy maka ho azy fa tsy miray hina ary dia tsy manana lanjany mihitsy hahafahana manery sy manitsy ny hadalana misesy ataon`ny mpitondra fanjakana . Raha fehezina hatreto dia ny ray aman-dreny mampiana-janaka hatrany no mijaly sy lany vola, vokatry ny fitiavantena sy fangoronam-bola tsy marina atao aminy.

***Ny Valosoa***

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao, mahakasika ny zavatra mampalahelo nitranga tany Ikongo tamin'ny fizarana fanampiana tamin'ny traboina. Nozaraina isaky ny Kaominina sy FKT tandroany alarobia 16/02/22 ny Fanomezana ho an'ny Traboina , avy tamin'ny Fitondram-panjakana izay tarihin'Andriamatoa Andry Rajoelina ; izay naterin'ny MDN, sy MIN Population ary i Gouverneur taty Ikongo. Sambasambany tamin'ny tantaran'i Madagasikara no nisy Mpitondra nizara Vary tamin'ny Madiko sy Menaka tamin'ny Kapisily ary savony kely fanasan-tongotra natao teto Ikongo androany izao. Vary iray Gony sy tapany no nozaraina tamin'ny Vahoaka Traboina miisa 6000 teto Mangarivotra Ikongo tandroan'ny tolakandro teo. Ka toy izao ary ny fizarana izay natrehinay. Rehefa natao ny fizarana dia nalahatra ny olona dia samy nomena, Vary (01) Iray MADIKO, sy Menaka Telo Kapisily marihina, fa rakotra tavoangy Labiera ny atao hoe Kapisily, namarana ilay menaka, dia niampy TSARAMASO nafatra tamin'ny Vohon'ilay Madiko ary Savony vidin'ariary Zato. Maro ireo olo diso fanantenana satria nisy ny mba nanantena ny hahazo vary amin'ny kapoaka sy Menaka amin'ny litatra dia efa nitondra bezara lehibe, kinanjo sakafo tsinjo hataon'ny zaza telo taona sakandro no azo tany. Noho ny fahasahiranana anefa dia noraisina ilay vary nomena ireo traboina na dia mifono fanambaniana ny mpiray tanindrazana toy izao aza... Aza manody ny toy izao ry Fanjakana, aza mandatsa vahoaka fa tsy fidiny ho an'Ikongo ny traboina toy izao, nieritreritra anareo mba ho hitsikitsika azo andihizana ianareo kay Mpampango mihinana zanakakoho. Izao ve no atao hoe Mamonjy amin'ny sarotra? Vary afatra amin'ny Madiko sy Menaka afatra amin'ny Kapisily ve no mba ndeha hiweraweranareo amin'ny télé sy Radio milaza fa nijery an'Ikongo? Io ve no hanaratsiana ny deputé namana nahavita soa taminareo? Ary ny mampalahelo anay fatratra dia ity. Mijery télé sy Mihaino Radio izahay dia refa misy zavatra mitranga any amin'ny District hafa dia iny ny Filohan'ny Repoblika sy ny mambran'ny Gouvernement tarihin'i PM fa tonga haingana, nefa raha Ikongo marary mijaly mitaraina maty havana maro sy very fananana sy simba trano ary nitondra ny mangidy indrindra tamin'i BATSIRAI, tsy mba misy Filoha mba mijery ifotony ny zanany. Sao ary mba tsy anisan'ny Malagasy ny Vahoakan'Ikongo Tompoko? Masina ity tanindrazana ity ka ao ny Tompo ao ambony no hitsara izay vitantsika amin'ny Malagasy tsy raharahiana sy ambaniana toy izao.

***Mponin'Ikongo***
***Malahelo noho ny fanambaniana***
***ataon'ny fitondrana***

**Tranga**

# Lalina loatra ny fahantrana, ankizy 3 tratra namaky trano



*Ireo ankizy 3 lahy tratra nangalatra.*

Tranga mampalahelo sy mahonena no nitranga tany Ambatolampy faritra Vakinankaratra, efa tena lalina tokoa ny fahantrana eto amintsika, ka mamaky trano hatramin'ny ankizy. Mirongatra ny vaky trano sy hala-botry ao Ambatolampy faritra Vakinankaratra raha ny fitantaran'ireo mponina any antoerana. Ny alakamisy teo, zazalahy kely miisa 3, no tratran'ny fokonolona saika hamaky trano. 17 taona ny zokiny indrindra amin'izy telolahy ireo. Raha araka ny fanazavana azo, efa fanaon'ireto farany ny toy izao, saingy izao izy ireo vao tratra. Efa natolotra ny manampahefana any an-toerana izy telo mirahalahy ireto amin'izao fotoana. Ankizy amin'ny fotoanan'ny tokony hianatra nefa lasa mpangalatra, noho ny tsy firaharahian'ny fitondrana Rajoelina ny lafiny fampianarana sy fanabeazana eto amintsika no mahatonga an'izany. Faritra vitsy ihany no nahazo ny sekoly lazaina fa manara-penitra, fa ny ankamaroany dia tsy misy an'izany. Ny ministra tompon'andraikitra ihany koa tsy mahafehy ny asany, raha tsy hilaza fotsiny efa volana janoary vao mivoaka ny datim-panadinana, nefa amin'ny fiandohan'ny taom-pianarana izany dia tokony ho efa fantatry ny rehetra, raha tsy hilaza afa-tsy izay.

***Stefa***

## TONONKALO

### Any ianao Ravavany

Te halaza indray Ravavany ka jereo ny fiedinediny,
Miaraka amin`ny piti-drorany ary koa ny fiborediny.
Raha vao misy ny "ady tany" , io ilaiàka toa tsy tana,
Fa tsabahany daholo hatramin`ny seha-pitsarana !

Te halaza indray Ravavany ka dradrainy , tanisainy
Fa hoe misy antokon`olona tena te hifofo ny ainy .
Izany sisa no hany paikany rehefa injay milentika izy.
Manao zava-tsy voasaina toy ny kilalaon`ankizy !

Te halaza indray Ravavany ka dia sahy manasoketa.
(Io aloha efa talenta iraisan`izy sy ry Veta !)
Tsisy akory ny porofo nefa sahy manendrikendrika,
Ary dia manenjika olona amin`ny fomba tsy dia mendrika !

…O ry Ingahy tapak`amponga , mba meteza hanadihady,
F`aza faly ny mirehaka ho "mpiangaly haiady".
Anao ny vava saingy fero irony teny izay havoaka,
Raha mitombina f`ianao dia solombavanay vahoaka.

***DADAN`i RIANA (18-02-22)***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mi-Antsa R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka, sary FB

**Ny avy amin'ny RMDM nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air Ampandrana ny alakamisy teo.**












**Ny loton'Antananarivo, tsy afaky ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny ekipany.**





**Ny fitokonana nataon'ny mponina traboina tany Nosy-Varika faritra Vatovavy, nitaky ny fizarana ny fanampiana azy ireo.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fifampiarahabana tratry ny taona nataon'ny antoko TIM teny Ivato, distrikan'Ambohidratrimo.**




















HALATRA MOTO

# Tratra ireo jiolahy 3 gaigilahy mpamerin-keloka

Tratra ireo jiolahy 3 gaigilahy mpamerin-keloka mpangalatra moto. Efa mampikaikaika ny olon-tsotra mpitaingina kodiaran-droa ity raharaha halatra, sy fanendahana ary herisetra manjo azy ireo eto Antananarivo ity. Ary naharaisana fitarainana maro na mivantana na tamin'ny tambazotra hafa. Manoloana izany dia nanao hetsika manokana narahina velapandrika ara-paikady matihanina ny avy ao amin' ny Vondron-tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena Antananarivo-ville nandritra ny 3 andro izay. Loharanom-baovao misandrahaka voamarina teny ifotony, no nahafahana nisambotra jiolahy miisa telo izay efa mpamerin-keloka anatin'io sehatra ratsy io, tany amin' ny faritra Ampandrana sy Manarintsoa Andavamamba, afak'omaly. Tsy iza izany, fa ireo efa ikoizana eny amin'ireo faritra ireo dia i Rajaonah na i Jaonah gadralava vao nivoaka an'i Tsiafahy, noho ny fikambanana andianjiolahy sy fivarotana fitaovam-piadiana maherivaika; i Andriamalandomanana Herimanana Félix alias Tony, ireto farany izay efa betsaka mpitory sady ananana porofo maro. Moto halatra miisa 6 hatreto no efa tratehaka nandritry ny hetsika tamin'ny toerana samihafa nitazonan'izy ireo azy, dia indreto avy:

- 02 motos marque Yamaha BWS 90 CC.
- 01 moto marque Jog Pro 90CC.
- 01 moto marque PGO Tigra 150CC.
- 01 moto Yamaha Cygnus 125CC.
- 01 ZR Évolution 90CC.

Mitohy ny fikarohana lalina ataon'ireo zandary mpanao famotorana ary mbola hitohy maharitra ihany koa ny hetsika. Manentana antsika hifampita vaovao hatrany, arovana sy atao tsiambaratelo ny loharanom-baovao, hoy izy ireo. Ho an'izay efa nametraka fitarainana na very moto, tongava maka azy eny Ankadilalana miaraka amin'ny taratasy fanamarinana.


*Ireo jiolahy miisa 3 mpangalatra moto sarona.*

***Stefa***

Ankasina 67 Ha

# Tsy mifidy hasiana ny mpanendaka, voaroba hatramin'ny mpianatra

Tsy mifidy hasiana intsony ny mpanendaka amin'ny faritra Ankasina 67 ha iny amin'izao fotoana, voaendaka hatramin'ny mpianatra handeha hianatra. Izay ahazoana ny fananana eny am-pelatanan'ny hazany no ataon'izy ireo, ka ratrainy rehefa manohitra azy. Mila mitandrina hatrany arak'izany, satria tsy ampoizina akory ny hanaovany ny teti-dratsiny. Omaly maraina, tokony ho tamin'ny 06 ora sy sasany teo, tovolahy iray handeha hianatra, no voaendaka ka naratra mafy teny Ankasina 67 ha. Lasan'izy ireo avokoa ny fananana teny am-pelantanany, izay tsy nahitana afa-tsy finday, kahie ary boky sy penina, sady noratraina ity farany. Tsy afa-nanohitra ny tenany noho ny tanjak'ireo tsy mataho-tody. Voatery nampidirina hopitaly ilay tovolahy satria feno ratra ny vatany. Tao aorian'ny fitsaboana natao azy omaly ihany, efa nivoaka ny Hopitaly ity tovolahy nisy nandroba ity.


*Ilay tovolahy mpianatra nisy nandroba teny Ankasina 67 ha.*

***Niaina***

Lasibatry ny fandraraka sy bekorontana

# Rava sy potika noho ny hetraketraka ilay tokantrano

*Mampino ve izany hoe nanana ny naha-izy azy sady mpanam-bola ianao teo aloha , nefa nanjary potika sy nataon'ny olona fihomehezana sisa taty aoriana satria bankiropotra.*

Toy izao no fandehan'ny tantara : mpila ravinahitra avy any Antsirabe izy mivady ireto ary nipetraka teto Antananarivo. Nihafy sy nanangona izy ireo, ka lasa mpanam-bola sy nanana ny ampy ary niteraka sy nahazo zaza hatrany. Mpivarotra moa no asa nataony ary nahavelona sy afaka nanampy ny havany mihitsy aza. Izay sahirana tsy manana dia ampiany, izay mitady vola ho samborina dia mahazo ary tsy misy zanabola. Izay manana olana toy ny hoe misy marary na maty dia izy mivady no miantoka izany ary tsy misy tambiny mihitsy. Raha sendra tsy tafaverin'ny olona aza ny vola nosamboriny dia tsy olana satria ilay olona indray no menatra avy eo. Azo lazaina fa tsongoin' olom-bolo izy mivady ireto ary nanampy ny sahirana sy nijery ny mahantra mihitsy aza.Tsy ory ihany koa izy satria sady manana trano lehibe sy fivarotana, no mbola mampanofa amin'olon-kafa ihany koa aza. Ankoatr'ireo ny fiara sy fananana samihafa. Tampoka teo anefa dia nanjary narary rangahy, lasa nifamaly izy mivady ary saika hisaraka mihitsy. Nanomboka nitsilopilopy ny fivarotana ary nikorontana tanteraka hatramin'ny tokantranon'izy roa. Tsy vitan'izany fa nisedra olana tany am-pianarana ihany koa ny zanany, satria voalaza fa niady tamin'ny samy mpianatra ary voasazy mihitsy. Tamin'ireo zavatra samihafa nihàtra ireo dia nanjary nivaro-pananana tsy fidiny ary tamorain'ny olona sisa satria zara aza lafo. Mbola nitohy hatrany anefa ny fahavoazana satria tsy mbola sitrana rangahy, ramatoa koa narary tapaka làlandra mihitsy, ka namidy hatramin'ny fiara. Teo vao mba nisy nihantra, ka niteny hoe mandehana mba miala nenina eny amin'i Mr Aina mpitsabo eny Ambonisoa Itaosy 0382902668 sy ny 0339178091 sao mba eny no hivahan'izao olanareo izao. Tapakevitra izy mivady ka nihaona tamin'ilay mpitsabo.

### Fandraraka sy bekorontana no nahazo azy mianakavy

Vantany vao nihaona dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy: ny « pouvoir » ananako hoy izy no ambarako aminareo, fa fandraraka niharo bekorontana no nahazo anareo, satria noho ireo harena sy fanananareo dia tsy aritry ny tsy tia ka namosaviany ianareo. Ny ho bankiropotra sy hahantra toa azy no tanjony hoy izy, ka tsy maintsy karakaraina ianareo. Narenim-bintana sy nampandroina aloha izy roa ary nodiovina ihany koa ary narahana fombafomba samihafa. Herinandro taorian'izay dia niova ny rasa satria sitrana rangahy, niverina amin'ny laoniny ny fahasalaman-dramatoa, ilay zanany nisazy dia votsotra ho azy satria nifona ilay nitory. Tsy vitan'izany, fa ireo tsy tia dia nanomboka nanatona sy nifona taminy indray, noho ny ratsy vitany ary ireo nisambo-bola tsy naverina aza dia nanjary namerina izany, ary mbola nampitomboina indray koa. Niarina ny tokantranony saika rava, nanomboka niverina ny hareny ary ilay olona saika hividy ny tranony aza dia namerim-bola indray . Vao iray volana izay dia efa nahazo fiara sahady izy mivady. Tafita ihany izy mianakavy raha saika potika sy rava tao anatin'ny fotoana fohy ny harena sy ny fananan'izy roa.

***Namana***

F.M.A

# Namoaka ny « Any an-danitra no tarigetra »

Fifohazana Midera an'Andriamanitra « F.M.A ». Sampana antoko mpihira mijoro eo anivon'ny Fiangonana Fifohazam-Panahy Vaovao. 05 Taona aty aoriana, tontosa ny fanajariana ny kapila mangirana amin'ny endrika DVD, laharana voalohany « Any an-danitra no tarigetra », ho azy ireo.

### Gadona maroloko, tononkira mora raisina

Raha toa ka gadona milamindamina sy somary mitoreo no nahafantarana ny fifohazana hatramin'izay, hoy ny filohan'ny F.M.A Ramananarivo Eloi dia hahenoana bankira mihetsika toy ny reggae, zouk love miampy ny gadona nentim-paharazana malagasy toy ny bagasy ny « Any an-danitra no tarigetra », izay anarana nasalotra ny kapila. Sanganasa miisa 09 no mandrafitra ny vokatra. Ampahany amin' izany ny « Courage », « Faly ny foko », « Tonombavaka », « Atsika hiaby », « Hevero », « Diniho »… Ireo trangam-piainana andavanandro miampy ny notakarina avy ao anatin'ny baiboly. Ireo no akora fototra nentina nandrafitra ireo tononkira mampahery sy mamelombelona ny fanahy ho an'ny « Fifohazana Midera An'Andriamanitra ». Tanjona amin'izany ny hanamorana ny fampitana hafatra ho an'ireo mpanjifa, hoy ireo mpikambana eo anivon'ity antoko mpihira miezaka hitaiza fanahy, vatana ary saina ny Zanak'olombelona amin'ny alalan'ny talenta ananan'ireo mpikambana eo amin'ny lafiny hira sy dihy. Malalaka amin'ny fiarahamiasa ho fanabeazam-boho ny asa fitoriana ny Fifohazana Midera an'Andriamanitra ary naneho fahavononana hanapariaka ny filazantsara manerana ny tany.



*« Any an-danitra no tarigetra », hahenoana gadona maroloko mitaiza fanahy.*

***Lalasoa Razafindrakoto***

Mpitsara basikety any Vakinankaratra

# Mbola lany ho filohan'ny CRA indray Ranaivosaona José

Mbola nahazo fahatokisana tamin'ireo mpitsara sy ny DRA ao Vakinankaratra indray, ny filohan'ny CRA (Commission Regionale des Arbitres) teo aloha, Ranaivoson José William, ka mbola izy no voafidy tamin'ny salan'isa 100 % nandritra ny fifidianana izay ho filohan'ny CRA Vakinankaratra, mandritra ny 4 taona manaraka. Ireto avy ireo mandrafitra ny birao vaovao'ny CRA Vakinankaratra miaraka aminy :

Filoha : Ranaivoson José William,
Filoha lefitra : Rahajarison Jean Bernard Olivier,
Sekretera Jeneraly : Fidiherijaona Patrick,
Mpitambola : Ratsito Marc Achille Hary,
Mpanolontsaina :
Ranaivoson Tojo Ny Irina,
Andrianasolo Eric François,
Andriamasinoro Volana,
Rakotonanahary Rova Miharisoa.

***Rainilita***


*Mpikambana CRA Basketball vaovao any Vakinankaratra.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**05/02/2022 hatramin'ny 12/02/2022**

- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 034 48 788 96
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/ 034 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1264-02-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### RIVODOZA EMNATI

# Mety hiditra an-tanety ny talata ho avy izao

Araka ny vinavinan'ny ao amin'ny sampana mpamantatra ny toetrandro eny Ampandrianomby, miditra hiditra an-tanety eto amintsika ny talata izao ilay rivodoza Emnati. Nitombo ny tanjak'i Emnati, ka lasa Forte Tempête Tropicale izy. Any amin'ny 1300 km atsinanan'i Sambava faritra Sava no nisy ny foibeny omaly. Niakatra ho 100 Km/ora ny rivotra entiny, izay arahina tafiotra 140 Km/ora. Mikisaka miankandrefana somary atsimo andrefana izy, ka mahafaka 13 Km/ora. Manambana ny morontsiraka atsinanan'i Madagasikara i Emnati, ka ahiana hiditra an-tanety eo anelanelan'i Toamasina faritra Atsinanana sy Vohipeno faritra Fitovinany ny talata 22 febroary ho avy izao amin'ny tanjaka Cyclone Tropicale Intense: 165 Km/ora. Ho fiomanana sahady amin'ny mety hiavian'ny loza, entanina ireto faritra manaraka ireto, mba hampihàtra ny fepetra mikasika filazana fanairana miloko maintso : Analanjirofo, Atsinanana, Vatovavy, Fitovinany, Atsimo Atsinanana. Iangaviana arak'izany ireo mponina voakasiky ny filazana, mba hanaraka tsara ny toromarika omen'ny manam-pahefana eny ifotony. Hanomboka hikorontana ny toetry ny andro any an-dranomasina rahampitso alahady.

***Niaina***



*Sary avy amin'ny zanabolana, mahakasika ilay rivodoza Emnati.*

Zaza tamin'ny 2009, tanora amin'izao

# Tsy hita izay fandrosoana amin'izao fotoana, fihemorana aza no misy


Tanora maro vita fianarana nanomboka tamin'ny taona 2020, sy ny taon-dasa teo ary efa tojo amin' ny fanambadiana, nefa mbola zaza tsy ampy taona tamin'ny raharaha 2009, no nahazoanay feo tato ho ato, mikasika ity fitondrana Rajoelina ity, naneho ny zavatra hitany tamin'izany fotoana sy ny tiany hambara amin'ireo efa tojo fianarana sy ampy fahalalana izao, ka mahatonga azy ireo hamoaka ny ao am-pony sy ny ao an-tsainy manodidina izao fotoan-tsarotra izao. Mpianatra mirahalahy tao amin'ny CEG Antamimena fahiny ohatra, anisan'ireo voadaroky ny mpiambina sy ny mpanaradia an-Rajoelina nanao be midina tao amin'io sekoly io teo am-panaovana fanatanjahantena, izay efa vita fianarana teny Vontovorona, no nilaza taminay fa na tamin'ny tetezamita na izao fitondrana izao, dia tsy hita izay fivoarana, fa toa milentika hatrany, maro ireo nahazo diplaoma nefa tsy an'asa hatramin'ity androany ity, noho ny kolikoly misy, na ny fanohanana ho tohatra fiakarana ireo mpitondra hoy izy ireo. Tsy hita mihitsy izay fandrosoana hita mazava, fa toa rendrarendra ho azy ireo manoloana ny sehatra iraisam-pirenena no tadiavina, famikiran-tseza no homanina nefa ny vahoaka miha-mahantra hatrany, ny laharana eran-tany efa mahamematra, faharoa alohan'ny farany. Nilaza koa ny mpianatra vitsivitsy vita fianarana teny amin'ny Oniversite tsy miankina sy Ankatso, fa ny CEPE sy BEPC tamin 'ny tetezamiitatra ireny dia nozarazaraina fotsiny ihany, natao fankasitrahana an-dRajoelina tamin'ireny andro mafana ireny, ka tsy misy vidiny mihitsy raha atao bango tokana, ary voaporofo ankehitriny, fa tsy ampy fahalalana sy fahaiza-manao ireo izay nahazo diplaoma tsy rariny tamin'izany. Tanora vita fianarana izahay ankehitriny, kivy satria mbola tsy miasa, hifanentana amin'ny taom-pifidianana 2023, mba tsy hatao tohatra fiakaran'ny loko lôranjy, fa hanosika kandida hafa sy mendrika hatrany, ary mba tsy hirenireny toy ny jiolahy be diplaoma amin'izao fotoana, na hanao dahalo ambony latabatra manara-penitra eo indray.

***Beharo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 384**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0383)

***Mitsivalana***
- Tselatra
- Aloa (miv) – Voy
- Laona – An
- Bika
- Eto – Ao (miv)
- To – Riba
- Antalaha

***Mitsangana***
- Talenta
- Soa – On
- Elobe
- Lanitra
- Lioka (miv)
- TV – B‡
- Roa – Hao (miv)
- Ainga

## TENY MIFANAPAKA N° 384




**Mitsivalana**

**1.** Karazana fifamoivoizana **2.** Dada – Tsy misy volo (miv) **3.** Olona velon'aina **4.** Atao fotsy, atao mena – Solfa **5.** Tazana (BL) – Esotra – Anelanelan'ny nono **6.** Kianteny – Mitempo – Tany kely **7.** Fanontaniana – Foko 8. Mpampiankina – Iry, ila (miv) **9.** Tsy ara-potoana – Aizina **10.** Ao ambadikao

**Mitsangana**

**A.** Boribory – Marina **B.** Mifanohitra amin'ny diovina **D.** Eo amin'ny loha – Doboka E. Biby (miv) – Diovy **F.** Voa maina **G.** Tsirin-teny Iharana – Zanan-tsoratra **H.** Fanampin'anarana – Naoty **I.** Aro orana – Nanavotra (miv) **J.** Tanterahina **K.** Iangaviany – Asa

### Valiny Teny mifanaraka 0383

**Mitsivalana**

**1**.Fizahana **2.** In - Omby **3.** Tongava - As **4.** Sigara **5.** Maizina (miv) **6.** Rano - Nioty (miv) **7.** (S)aka - Avelao **8.** Nao - Ka - La (miv) **9.** Ao - Tazanao **10.** Raisina

**Mitsangana**

**A** Fitsarana **B.** O.I - Roaka (miv) **D.** Zinganao **E.** Angano - Ti **F.** Ary - Saka (miv) **G.** Vazivazy **H.** Noa - Ety (miv) - An **I.** Ma (miv) - Taolana **J.** Ba - Miala **K.** Gisa - No - (M)of(o)

## NY TENY FIAINANA

*"Fa raha velona isika, dia velona ho an'ny Tompo; ary raha maty isika, dia maty ho an'ny Tompo; koa amin'izany, na velona na maty isika, dia an'ny Tompo ihany ".*
***Romana 14:8***

TSIPY KANETIBE

# Hikarakara « Open de la ligue » ny FSBM Analamanga

Hikarakara « Tounoi » tsipy kanetibe «Open de la Ligue», ho tontosaina eny amin'ny kianja « Para Ivato », ny ligin'ny tsipy kanetibe Fsbm eto Analamanga, tarihan'ny filohany, Andrianolalaina Robinson, anio sabotsy 19 sy ny alahady 20 febroary 2022 ho avy izao, ka hisy ny fifaninanana natokana ho an'ny olontelo miaraka lehilahy amin'izany sy fifaninanana Open Dame Tête à Tête" ary fifaninanana "Concours de Tir" ho an'ny rehetra.

- Ho 60.000 Ar no sandan'ny fandraisana anjara amin'izany fifaninanana ho an'ny « triplette lehilahy constituée », izay mety hahazoan'izay tafita ho voalohany (3 Tv 28'' + Enveloppe 300.000 Ar + 3 Coupes + Tee-Shirt). Ny mitana ny laharana faharoa kosa dia ho tolorana (3 Speakers + Eveloppe + 150.000 ar + Tee-Shirt). Ny laharana faha-3 sy faha-4 dia samy hahazo lelavola mitentina 60.000 Ar isaky ny ekipa avy. Anio sabotsy 19 febroary hanomboka amin'ny 2 ora tsy diso ny fanipazana "cochonet" voalohany, ka haharitra amin'ny sabotsy sy alahady ny fifaninanana.




*Tsipy kanetibe « Open de la ligue Analamanga ».*


- Ho an'ny fifaninanana "Concours de Tir" kosa dia ho 15.000 Ar ny sandan'ny fandraisan'anjaran'ny mpilalao tsirairay, ka ho tolorana (Tv 19 '') izay ho tafavoaka ho voalohany amin'izany ary lelevola 50.000 Ar kosa no homena ny faharoa. Ho tontosaina anio sabotsy sy alahady ny fifaninanana.

- Ho an'ny fifaninanana "Open Dame Tête à Tête" kosa, izay mbola ho 15.000 Ar ihany koa ny sandan'ny fandraisana anjara dia ho tolorana (Tv 19'' + Tee-Shirt + Coupe), izay hahazo ny laharana voalohany ary lelavola no ho azon'ny faharoa. Manomboka amin'ny alahady maraina ny fifaninanana.

***Rainilita***

Matsiatra Ambony

# Andriambavilanitra no lany ho filohan'ny CRA basket-ball



*Ramatoa Rajonirina Josianie Rosa.*

Mitohy hatrany ny fifidianana rehetra mandrafitra fitantanana Mpitsara baolina basikety eto Madagasikara. Raha toa ka efa nahavita ny azy ny teo anivon'ny Délégation Regionale des Arbitres (DRA), izay misahana ny mpitsara eo anivon'ny Seksiôna, dia niroso amin'ireo Commission Regionale des Arbitres (CRA), misahana ny ligy indray izy ireo, ka anisan'ny efa nahavita ny azy ny tao amin'ny Ligimparitra Matsiatra Ambony, andriambavilanitra no lany ho filoha tamin'izany dia Ramatoa Rajonirina Josianie Rosa. Toy izao ireo ekipa vaovao CRA Matsiatra Ambony :

Filoha : Rajonirina Josianie Rosa,
Filoha Lefitra : Randriantiana R. Felicien,
Sekretera Jeneraly: Rakotomalala Réné Michel,
Mpitam-bola : Ralihantanirina Pascaline G,
Mpanolontsaina :
- Randrianirina Masy,
- Randriantsitohaina Armand.

***Rainilita***

Kianja synthetika Foot à 7 Behitsy By-Pass

# Nosokafana ôfisialy tamin'ny alakamisy teo

Misokatra ary notokanana tamin'ny alakamisy 17 febroary 2022 lasa teo, ny kianja "Mada Terrain" an'ny Mada Espace eny Behitsy By-Pass Ambohimangakely, izay naorin'ny PDG-ny Ramatoa Ravelonjanahary Fleurette sy Andriamatoa Désiré vadiny. Telo volona katroka no nananganana an'ity kianja ity, ka misokatra ho an'ny mpitia baolina "Foot à 7" rehetra tsy ankanavaka izy ity manomboka amin'ny 7 ora maraina, ka hatramin'ny 6 ora hariva isan'andro (24 h/24 h), rehefa mandoa sarany 50.000 Ar izay liana. Ho 60.000 Ar kosa anefa izany rehefa amin'ny andro alina. Nambaran'Andriamatoa Ratsimbazafy Mamy (Bababa) tompon'andraikitra voalohany ao amin'ity toerana ity, fa natao indrindra ny fanangana an'izao kianja synthetika izao, noho ny fahatsapan'izy ireo fa mbola tsy ampy ny mpanjifa ny toerana tahaka itony eny amin'ny faritry ny By-Pass iny.



*Lalao voalohany teny amin'ny kianja "Mada Terrain Behitsy".*

Toy ny kianja rehetra efa misy dia ahitana "vestiaire" sy toeram-pidiovana ny toerana ary misy "tribune" mahazaka mpijery manodidina ny 100 isa any ho any.

Hisy toeram-pivarotana samihafa: sakako, sns…

Hosokafana tsy ho ela eo anilan'ity kianja ity.

"Tournoi Foot à 7 triangulaire" nifandrinan'ny ekipan'ny kaominina Ambohimangakely, sy ny ekipan'ny Ujsm "Mpanao gazety" ary ny ekipan'i Mada Espace, no nanokafana voalohany an'ity kianja ity tamin'io fotoana nitokanana azy io, izay notarihan'ny PDG mivady sy ireo mpiara-miasa aminy ary notrononin'ny ben'ny tanànan'Ambohimangakely, Radafy Thierry.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho sy legioma indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na hatao ridritra ihany koa. Ny legioma ampiasaina dia karaoty, ovy, korzety, haricot vert. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny laoka haricot vert

Ny soa azo avy amin'ny laoka haricot vert indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny tombontsoa amin'ny fihinanana haricot vert dia:

1- Misy vitamine A, B6 , C, E, K , calcium , fer , magnesium , potassium, Zinc.
2- Tsara ho an'ny olona diabetika,
3- Tsara ho an'ny fo.
4- Manampy ny hery fiarovana.
5- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
6- Tsara ho an'ny vehivavy mitondra vohoka.
7- Tsara ho an'ny maso.
8- Manamafy ny taolana.
9- Miaro amin'ny cancer, na ny homamiadan'ny tsinay.
10- Tsara ho an'ny saina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Soahany any amin'ny distrikan'Antsalova, faritra Melaky

Ny tanànan'i Soahany any amin'ny distrikan'Antsalova, faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Soahany ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antsalova. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. Mbola azo lazaina ho iva toerana izy, satria 48 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ny 90% ny mponina any an-toerana dia miasa amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fiompiana. Vokatra any ny vary, ny katsaka, ny fary ary ny mangahazo.

